# Ilay Voa Tsara Nafafy 27 Mey 2018

**27** **Alahady**
mey

**Omeo, dia mba homena ianareo... Fa izay fatra ataonareo no hamarana ho anareo kosa.** Lioka 6. 38

**Aza manadino hanao soa sy hiantra ; fa fanatitra toy izany no sitrak'Andriamanitra.** Hebreo 13. 16

**Ny fahasambarana :**
**fananan-karena ve sa fahaiza-mizara ?**

Nandritra ny taonjato faha-20 dia noheverina fa ny fanatsarana ny fari-piainana no hahatonga ny olona ho sambatra kokoa sy hifandray kokoa toy ny mpiray tam-po. Tsy sarotra amintsika ankehitriny ny mahita fa tsy ampy velively izany.

Ny Baiboly dia mampianatra antsika fa tsy ny fikatsahana harena hita maso no maha sambatra, fa ny fifandraisana tsara amin'Andriamanitra, ary vokatr'jeo amintsika samy isika. Fifandraisana toy izany, mifototra amin'ny fahamarinana sy ny fitiavana, no tena mampisy dikany ny fiainana. Tsy fananana ho an'ny tena no manamarika izany, fa fizarana sy fanomezana.

Manambara amintsika Jesosy fa „tsy maintsy hateraka indray" isika, vao afaka miaina fifandraisana toy izany. Io fiainam-baovao io ihany no ahazoantsika miditra ao amin'ny sehatry ny fitiavan'Andriamanitra. Nisokatra ho antsika izany lalana izany, noho ny fanomezana tena mahatalanjona indrindra : Andriamanitra nanome antsika ny Zanany Lahitokana, ary io Zanany io kosa nanolotra ny ainy ho antsika, mba hamafana ny fahotantsika.

Hafa kely io fanomezana io : fanomezana ho an'ny olona rehetra, nefa tena miantefa amin'ny tsirairay manokana. „Izay ivelomako … dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy" (Galatiana 2. 20). Amin'izay dia voaorina ny fifandraisana marina sy feno fahasambarana miaraka amin' Andriamanitra, fantatra ho Ilay manome sy Ilay anolorana ny tena, fa tsy Ilay mitaky.

Izany fihetsika baikoin'ny fitiavan'Andriamanitra izany dia mitera-boka-soa ho an'ny fifandraisantsika samy isika. Koa miezaka isika hamantatra izay ilain'ny hafa ara-pitaovana (sy ara-hary miezaka hanome izany, tsy miandry valiny. Izany no antsoin'ny Tenin'Andriamanitra hoe mihazona ny tena fiainana (1 Timoty 6. 19).